**NY TENY FIAINANA**

*"Manajà ny ray sy ny reninao (fa izany no didy voalohany misy teny fikasana)."*

***Efesiana 6:2***

### BASKET BALL N1 A

# Mbola mangotraka ny lalao any Toamasina

Mbola mangotraka tanteraka ary mitohy hatrany ny fifaninanana basikety sokajy N1A, fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2022 sokajy lahy sy vavy, izay tontosaina any Toamasina faritra Atsinanana ankehitriny. Miaraka tanterahina hatrany ao amin'ny Gymnase Soavita, sy ao amin'ny Gymanase Cjst Toamasina, ireo lalao rehetra amin'izany, ka lalao niisa 5 no natrehana tao amin'ny kianja mitafon'i Soavita omaly zoma ary lalao tokana no niseho tao amin'ny kianja amin'ny Cjst. Voka-dalao azo tamin'ny alakamisy 19 mey 2022 : D : Tgbc Betsiboka 77 – 60 Ascut Atsinanana, H : Cosfa Analamanga 59 – 60 As Fanalamanga, H : Ascut Atsinanana 56 – 50 Cospn Analamanga, D : Ankaratra Vakinà 65 – 49 Tgbc Betsiboka, D : Ascut Atsinanana 64 – 48 Sbbc Boeny, D : Assm Analamanga 60 – 67 Serasera Vakinà, D : Btbba Diana 47 – 71 Tamifa Am/Mania.



*Lalao basikety N1A any Toamasina.*

**Rainilita**

### Tambohobe miady amin'ny herisetra

# Hira vakisôva no hanamarihana ny faha-20 taonany

Feno 20 taona katroka amin'ity taona 2022 ity ny fikambanana Tambohobe « Tanora Mbola Hobeazina », izay miady amin'ny herisetra hatrany am-piandohana . Ho fanamarihana izany dia mikarakara ny Festisôva 6 ry zareo, ka eny Antaninkatsaka Bemasoandro Itaosy amin'ny alatsinain'ny pentekôsta 6 jona 2022 tontolo andro no hanatanterahana an 'izany. Marihana fa tamin'ny 19 desambra 2021 izy io no saika natao, voatery nahemotra noho ny resaka fihibohana nitranga teto amintsika. Tarika mpanao vakisôva miisa 14 no hiakatsehatra amin'izany, izay ho entanin'i Psico sy Hanitra ary Aina, ka hivoy ny lohahevitra "Aoka izay ny herisetra" dia ny Sôva Tanjombato, Akon'ny Rova, Hazo Midoroboka Jomaka Ampama, Fitarikandro Tsiadana, Antsa Midera Mahamasina, Gasy Misôva Behoririka, Tarapahazavana Andraisoro, Miryam Sangam, Akon'Ankazo Ivanja, Black Collection Andrano, Fanantenana Tsiadana, B52 Atomic, Fanja Anjanahary, Gasy Mikalo Ambohimanga Rova. Nasaina manokana ny tarika The Spesialista, Gasta, Odyaie, José Satoub (Reggae), Ravelo Jean Baptiste (Ba gasy), Aimé Mia (Horija Fianarantsoa) ary ny DJ K'JAY.

**Rainilita**




*Mpitantana ny Tambohobe.*

### "Rugby LADIES MAKIS 7s »

# Ny fikambanana Vezo Création no namaly ny antson'ny FMR

Ny fikambanana Vezo Création no namaly voalohany ny antson'ny FMR "Federation Malagasy de Rugby", amin'ny hitondran'ny rehetra tsy ankanavaka ny anjara birikiny, amin'ny hanohanana an'ireo mpilalao rugby vehivavy Malagasy, hiatrika ny Mondial Rugby à 7 vehivavy, ho tanterahina any Afrika Atsimo amin'ny faramparan'ity taona 2022 ity. Hiditra amin'ny fanomanan-tena tsy ho ela ireo mpilalao vehivavy Malagasy ireo, ka mendrika an'izany fanohanana izany. Vita Sonia teny amin'ny foiben'ny FMR teny Ankorondrano tamin'ity herinandro ity, ny fifanarahanan'ny roa tonta, ka Ramatoa Odorante, no nisolo tena ny VEZO Création ary Andriamatoa Rakotomalala Marcel kosa, no nisolo tena ny FMR. Nisy ny fanolorana "maillots" an'ireo mpilalao rugby à 7 vehivavy ary mbola hisy koa ny fanapariahana an'ireo tenue Ladies Makis 7s manerana ny Nosy. Ny ampahan'ny vidin'ireo vokatra ireo (15%) dia hanokafana compte any amin'ny banky ho an'ireo mpilalao, ka ny hitantana sy ho tompon'ny Sonia ao (signature conjointe) dia ny MR sy ny kapiteny Ladies Makis 7s. Hosokafana ny alahady 29 mey 2022 eny Andohatapenaka, mandritry ny lalao fanokafana ny coupe du Président amin'ny fomba ôfisialy io tetikasa io.

**Rainilita**




*Ny VEZO Création sy ny FMR teny Ankorondrano.*

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Miotisoa R.**

**FILAZANA MANJO**



Amin' ny finoana sy fanantenana ny fitsanganan' ny tena amin' ny maty ary ny fiainana mandrakizay no ampandrenesanay ny fodiamandrin'i

**RAZOELINORO**

**(Vady navelan'Itompokolahy RAMANOARISON)**

tamin'ny Alakamisy 19 Mai 2022 rehefa nivahiny 94 taona teto an-tany.

**Hoy:**

**Ny Zanany :**

- RAMANOROARISOA Voahangy sy ny zanaka aman-jafiny
- RAMANOARISON Nomenjanahary sy Clélia sy ny zanaka aman-jafiny
- Itompokolahy RAMANOARISON Ndresialijaona
- RAMANOARISON Vaonorosoa sy JEAN PHILIPPE sy ny zanaka aman-jafiny
- RAMANOARIMANANA Rivoson sy HANTA sy ny zanany
- RAMANOARISOA Zoely sy SYLVESTRE sy ny zanaka aman-jafiny

**Ny fianakaviana:**

- Avy amin'ny vadiny (RAMAINANDRO FARATSIHO)
- Avy any AMBOHITSARARAY BELAZAO
- Ny fianakaviana manontolo

**Ny Fiangonana FJKM Mahalavolona Andoharanofotsy**

**Ny Fiangonana FLM Fierenantsoa Ambohitsararay**

**Ny Fokontany Mahalavolona**

Ny nofony dia hiala ao Mahazoarivo "Corbi Pompes Funèbres" ny Sabotsy 21 Mai 2022 amin'ny 01 ora atoandro ary hoentina hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra sy fampaherezana ny fianakaviana ao amin'ny FJKM Mahalavolona amin'ny 02 ora sy sasany, avy eo hapetraka ao amin'ny fasan-drazany ao Mahabo

**TSY MISY FIARETATORY**

***"Efa niady ny ady tsara aho, nahatanteraka ny fiazakazahana aho, nitahiry ny finoana aho"***

***II Timoty.4 : 7***